

Malagasy Protestant Church in France
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national

47 rue de Clichy
753119 Paris Cedex 09

Tél. 01 45 96 03 05

Ny fandresen'ny fiankaviana kristiana

Ny atrehantsika dia ny mikasika ny fandresen'ny fianakaviana kristiana manoloana ny zavatra rehetra.

Ny fandresen'ny fianakaviana kristiana dia ao amin'ny fihavanana (*alliance*) amin'Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy

Ny fianakaviana dia tsy ny mpiray ra sy nofo fotsiny fa mihoatra noho izany dia ny ankohonana. Ny ankohonana dia izay rehetra mira-monina ao an-tokatrano izay miorina amin'ny fihaonana sy ny fiaraha-mietana (*relation et solidarité*). Ao amin'ny Tetsamenta Taloha dia tsy misy olona azo avela ho irery fa misy hatrany ny mifanatri-tava aminy.

Amin'ny fiarahan'ny ankohonana dia misy ny mpitarika sy ny taritina nefa mifanampy ireo, « mifanaiky » ary ny antaon'ny mpitarika dia ny mampahery ary ny taritina dia mankato ; ary ny fampaherezana ampitainy dia avy amin'ny Andriamanitra manao fihavanana amin'ny olony manao hoe :

« Izaho ho rainy ary izy ho zanako. Raha manao iay meloka izy dia hanariko amin'ny tsorankazon'ny olona sy ny kapoky ny zanak'olombeona ; nefa ny famindrampoko tsy mba hiala aminy tahaka ny nanesorako izany tamin'i Saoly, izay noesoriko telo alohanao. Ary ny taranakao sy ny fanjakanao hitoetra eo anatrehako mandrakizay ; ny seza fiandriananao hitoetra mandrakizay » (2 Samoela 7/14-16)

Ny fihavanana ataon'Andriamanitra amin'ny olona no mampihavana ny ankohonana sy azahoan'ny ankohonana ho mpandresy ; ary ny tenin'Andriamanitra nampitondrainy ny mpaminaniny Samoela dia mandalo ny tantaran'ny mpino ary manakoako hatrany amin'ny Apokalipsy 21/7 : « Izay maharesy no handova izany zavatra izany ; ary ho Andriamaniny aho ary izy ho zanako ».

Io faneken'Andriamanitra amintsika zanany io no kolokolointsika eo amin'ny ankohonana azahonantsika zanak'Andriamanitra ho « mihoatra nohoho ny mpandresy amin'ny alalan'ilay tia antsika » (Romana 8/37).

Tsy mandeha ho azy ny fikolokoloana ny fihavanana amin'Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy sy ny fihavanana eo amin'ny akohonana fa misy fitsapana izay mandalo ady sy toloana.

Misy fitaovana maro ampiasaina amin'izany ; ary inoako fa ny **lehibe indrindra dia ny fifampiresahana eo amin'Andriamanitra ankilany ary andaniny ny fifampiresahana eo amin'ny akohononana.**

Eo ny fomba firesahana : miteny tsotra, ankolakala, mimonomonona ; eo ihany koa ny fomba fihainoana fa ny zava-dehibe dia ny zavatra ampitaina sy ny tanjona. Ny ampitaina dia fampaherezana ary ny tanjona dia ny fitoerana hatrany ao amin'ny fihavanana amin'Andriamanitra sy ny fihavanana eo amin'ny ankohonana.

Ny ankohonana dia toerana ianarana ny maha olombelona eo anatrehan'Andriamanitra, « mitandrana tsara izay fandeha mba tsy hitondrana tena tahaka ny adala fa tahaka ny hendry » ary amin'izany dia « mifanaiky amin'ny fatahorana ny Kristy ».

Ny fitondran-tena sy ny fifanekena no antoky ny fandresen'ny ankohonana ary ahatanteraka an'izany dia miteny vaoavao mahafaly amin'ny mpitarika sy ny taritina ny Apostoly ao amin'ny epistily ho an'ny Kolosiana 3/20-21 :

« Ianareo zanaka, maneke ny ray aman-dreninareo amin'ny zavatra rehetra ; fa ankasitrahana ao amin'ny Tompo izany. Ianareo ray, aza mampahasosotra ny zanakareo, fandrao mamoy fo izy » ;

Ary satria zava-dehibe izany dia averiny indray amin'ny epistily ho an'ny Efesianina 6/1-4 :

« Anaka, maneke ny ray sy ny reninareo ao amin'ny Tompo, fa marina izany. Manajà ny ray sy ny reninao, fa izany no didy voalohany misy teny fikasana, mba hahita soa ianao sy ho maro andro ambonin'ny tany. Ary ianareo ray, aza mampahatezitra ny zanakareo, fa tezao amin'ny famaizana sy ny fananaran'ny Tompo izy »

Ny ankohonana dia milaza fiombonana. Misy fifanarahana, firaisan-kina eo amin'ny ankohonana : « mifanaiky amin'ny fatahorana an'ny Kristy »

- Fifanarahana eo anatrehan'Andriamanitra mampifatotra ny olombelona samy olombelona
- Fifanarahana ny ankohonana amin'Andriamanitra.

1. Ny taritina mampianatra ny mpitarika

Misy zazakely mitsangana eo ambony latabatra ary rahefa tonga eo amin'ny sisiny izy dia miantampy eny antanan'ny rainy na ny reniny.

- Mampianatra ny ray na ny reniny ny fahatokisany.
- Mampianatra ny ray na ny reniny ny fitiavany.

Ny zanaka manao hoe izahay no manao ny tontolonay ary ny fivavahana dia mila mifanaraka amin'izany. Eo no miseho ny fahaserotana ary mila faharetana sy fikirizana ny fifanakalozana-kevitra azahoana ho mpiaradia hatrany koa miaraka mandresy.

2. Ny mpitarika mampianatra ny taritina

Nisy olona antitra nanana ondry 11. Nanana zanaka 3 io olona antitra io ary nanapakevitra izy fa ny antsasakin'ny ondry omeny ny lahimatoa, ny ampahefany ho an'ny faharoa, ary ampaenina omeny ny farany. Ireo hoy izy dia sady ampihavana anareo 3 lahy ary ho entinareo 3 lahy ikololonany ankohonanareo ; ary ny ambiny ho izy dia ho entinareo anaovana fisaorana an'Andriamanitra. Nody mandry ilay rangahay namela ondry 11 ary nivory izy 3 lahy ary nanao ny kajy.

Ho an'ny lahimatoa : 11/2 : 5,5. Manahirana.

Ho an'ny faharoa : 11/4 : 2,75. Sadasada.

Ny fahatelo : 11/6 : 1,83. Loza

Niady sy nifandrahona hifamono izy 3 lahy. Ilay lahimatea nanapakevitra ny iresaka amin'ny Raby mpampiantra. Hoy Raby : milamina ianareo, manana hevitra aho. Ao ambala ao misy ondry iray izay tsy misy ilana azy, alaivo ary ento anaovana ny fisaorana. Nalain'ily lahimatea ilay ondry. Ary ny totaliny dia lasa 12. Natomboka ny fizarana.

Lahimatea : 12/2 : 6

Manaraka 12/4 : 3

Farany : 12/6 : 2

Totaliny : 11. Mahagaga

Lasa nakany amin'ily Raby ny anakiray ary niteny hoe : indro ny ondrinao fa tsy misy ilanay azy. Nefa tokony entina ho an'Andriamanitra, isaorana an'Andriamanitra, anamafisan any fihavanana amin'Andriamanitra.

Tsy afaka milamina ny mpitarika ny ankohonana raha tsy misy fahasoavana avy any ivelany. Ny fahasoavan'Andriamanitra dia toy ny ondry, tonga tampoka, maimaimpoana. Manampy ny tsy ampy. Ny fahasoavan'Andriamanitra dia miteraka fihaonana sy firaisan-kina (*relation et solidarité*) eo amin'ny ankohonana.

Ny ondry (fahasoavan'Andriamanitra) dia mampiombona ny misaraka, mahatonga azy 3 ho velona ary mahatonga azy 3 handray izay tsy azony raisina. Ary mila kolokolina izy io entina mihavana amin'Andriamanitra satria ny fihavanana amin'Andriamanitra irery ihany no azahoan'ny fianakaviana mandresy ny zavatra rehetra

3. Ny taritina sy ny mpitarika voatsodrano tsy maintsy mifankatia azahoana mandresy

Ny ataon'ny ankohonana dia ny mihavana amin'Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy ary amin'izany dia miaradia ny rehetra, miara mamindra koa misy fifaneraserena eo amin'ny mpitarika sy ny taritina, eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka.

Ny ray aman-dreny mampita mampita ary ny zanaka mandray sy mankato. Tsy mandeha ho azy izany fa misy fahasarotana, ary **ny fanamby dia ny mandingana ny fahasarotana**. Tsy voadingana io raha tsy misy zavatra hafa avy any ivelany manampy ny rehetra. Io zavatra hafa io dia miseho ho toy ny fahasoavana izay mihoatra noho ny fahafantarana rehetra, toy ny « fiadanana'Andriamanitra izay mihoatra ny fahalalana rehetra »

Ny ray aman-dreny mitarika ny zanaka ary ny zanaka mitarika ny ray aman-dreny ; saingy ny ray aman-dreny no manana andraikitra lehibe satria izy no manao dingana voalohany mitarika ny rehetra.

Mifampitarika ny ray aman-dreny sy ny zanaka. Ny ray aman-dreny miteny amin'ny zanaka ary ny zanaka miteny amin'ny ray aman-dreny (Kolosiana 3/20-21 ; Efesiana 6/1-4) ; ary **ny zava-dehibe dia ny fifampiresahana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka**.

Rahefa ratsy na tapaka ny fifampiresahana dia ratsy na tapaka ny fifandraisana ary ny vokany dia misy lavo koa tsy miaraka mandresy ; ary rahefa tsara ny fifampiresahana dia afaka miombonona koa miaraka mandresy.

Ny mpitarika dia tsy maintsy mananatra ny taritina azahoan'ny rehetra ho miaraka mandresy.

Ny mananatra dia : mampahery, mitaraika hiala amin'ny lalana diso ary mitondra ho amin'ny lalana tsara, « tandremo ny famindranareo mba tsy hitondranareo tena tahaka ny adala fa tahaka ny hendry »

Ny ray aman-dreny tsy mitsitsy tsorankazo nefa tsy manao izay mampahasotra sy mampahatezitra ny zanaka. Ny ray aman-dreny mitaiza (Ohabolana 13/24 sy Ohabolana 22/6) nefa tsy amin'ny hery fa amin'ny fahefana fandresehan-dahatra, *non pas par puissance mais par pouvoir de persuasion*, (Kolosiana 3/21 sy Efesiana 6/4).

Ny zanaka mangataka amin'ny ray aman-dreny ary ny ray aman-dreny manome izay tadiavin'ny zanaka (Matio 7/9-10 sy Lioka 11/11-12 sy Lioka 15/12). Ny zanaka miteny amin'ny ray aman-dreny ary mila mihaino ny ray aman-dreny.

Rehafa mitambatra ny ankohonana avy amin'ny alalan'ny fifampiresahana sy ny fifampitokisana, *dialogue et confiance réciproque*, dia maharesy ny fanahiana (Matio 6/31-32) koa mandresy ny zavatra rehetra izay mibahana amin'ny fanarahana an'Andriamanitra ao amin'ny Kristy Jesosy.

Eo ny dinidinika ifanaovan'ny mpitarika sy ny taririna fa ambon'izany ny ankohonana dia tsy maintsy manaiky ny taritin'ny Fanahy Masina izay mampiombona sy manazava sy misolovava sy mampahery. Fanamby lehibeny manaiky taritin'ny Fanahy Masina.

Iainana io fa tsy tenenina fotsiny na henoina fotsiny ary raha afaka mandeha araka ny Fanahy Masina ny mpino dia tsy noho ny asa ataon'ny mpino fa noho ny ataon'ny Fanahy Masina irery ihany voalohany indrindra ary ny « rivotra dia mitsoka amin'izay tiany »

Koa ny azahona mitambatra dia ny fanekena fa na dia eo aza ny fisaratsrahan anoho ny antony maro samy hafa dia mino fa taritin'ny Fanahy Masina, mino fa ampiraisin'ny Fanahy Masina fa tsy mandeha irery ary miaraka mandresy.

Ny fanarahana an'Andriamanitra dia miainga amin'ny fihainoana ny Tompo aloha voalohany indrindra satria ny Tompo no manao ny zavatra rehetra, miteny amin'ny vavan'ny ankizy sy miteny amin'ny vavan'ny ray amandreny

Ary avy eo ny ankohonana **rahefa miombona ary mihavana amin'ny Tompo dia afaka miaraka mijoro vavolombelona eo amin'izao tontolo izao.**

Ny fandresen'ny ankohonana dia miainga amin'ny fiarahan'ny rehetra mandray ny fahasaovan'Andriamanitra ary avy eo mitohy amin'ny fitaritana ataon'ny ray aman-dreny izay « tsy manao na inona na inona amin'ny fifampiadania na mandrani-tena foana ; fa amin'ny fanetren-tena dia manao ny namany mihoatra noho ny tena », koa :

1. Mitaiza : Ohabolana 13/24 ; Ohabolana 22/6 ; Kolosiana 3/21 ; Efesiana 6/4
2. Miaro sy miambina amin'ny fitiavana : Salamo 103/8-13
3. Mampianatra sy mitaiza sy mananatra ary manitsy : Ohabolana 3/11-12 ; Ohabolana 4/1 ; Salamo 32/8 ; Salamo 103/8-13
4. Mihaino ny ankizy : Salamo 8/2 ; Matio 21/15-16
5. Mampionona sy mampahery eo anatrehan'ny fahasaratana : 2 Koritiana 1/3-4
6. Mijery lavitra sy mitsimbina ary manome fahatokiana, fanantenana, fahasahiana : Matio 6/31-32
7. Manampy amin'ny zavatra hita-masao : Isaia 58/6-7 : Matio 7/9-10 : Lioka 11/11

Mpitandrina Rakotoarimanana Ndranto
Bordeaux, faha 13 janoary 2016